

## Ivon-toeram-pikambanana iray



**Avy amin'i Mompera Ernest Akhonya**

**Mukavana, SMM**

**Tomponandraikitry ny Associés ao Ouganda**

## ASSOCIÉS MONTFORTAINS ANY OUGANDA, AFRIQUE ATSIANANA

*Mompera Ernest, Mpanoratra ity fifampizarana ity dia Misionera Montfortana avy any Kenya.*

*Taorian'ny niasany tao amin'ny Diosezin'i Mbarara any Ouganda tato anatin'ny taona vitsivitsy dia notendren'ny Delegasiona Jeneralin'ny Afrika miteny Anglisy ho Maître des Novices ao amin'ny tranon'ny Novisia ao Mbarara ihany izy tamin'ity taona ity.*

*Ato amin'ity lahatsoratra ity no ilazalazany ny fiandohan'ny famoronana sy ny fitohizan'ny fampandrosoana ny Fikambanana "Marie Reine des Coeurs" ao Ouganda. Izay tsy anadinoana ny fandraisana anjara voalohany nataon'i Isabella sy Paula Duncan avy any Portugal izay niasa tany Kampala, renivohitr'i Ouganda.*

### **1. Fintina fohy ny tantaran'ny Associés ao Ouganda**

Taona vitsy lasa izay dia hita fa mitombo be ary liana mafy "... hampiorina sy hanapariaka ny Fanjakan'i Maria ao amin'ny fanahy rehetra mba hamelana an'i Jesoa Kristy hanjaka ao mba ho lavorary kokoa". Izany no nitarika ny "Associés" maro an'isa hanatevin-daharana ny Fikambanana "Marie Reine des Coeurs". Ireo Kristianina, nandritra ny fivahinianana Masina, dia nametraka ny tanjon'izy ireo "hahazo an'Andriamanitra amin'ny fanelanelanan'ny Virjiny Masina, misionera tsara izay mizotra amin'ny lalan'ireo apôstôly, amin'ny fiendahana amin'ny fomban'izao tontolo izao sy fifikirana amin'ny Fitantan'Andriamanitra ary ny fampiharana ny hatsaram-panahy rehetra eo



“” Isabella sy Paula dia Portugaises nonina tao Ouganda tamin'izany fotoana izany. Efa niaina ity aim-panahy ity mialoha izy ireo tany amin'ny firenena niaviany ary efa nanao ny fanoloran-tenany tany.

ambany fiarovan'ny Virjiny Masina, fanomezan'ny Fahendrena, mba hahalala sy hanandrana ary hampihatra ny hatsaram-panahy, ary hampanandrana sy hampihatra izany amin'ny hafa" ( Fivahinianana Masina tao Notre-Dame de Saumur).

**Ny niorenan'ireto Associés ireto ao Ouganda dia vita tamin'ny taona 2012, noho ny fandraisana anjaran'Isabella sy Paula Duncan izay niara-niasa tamin'ireo Misionera Montfortana tao Mbarara. Ny vondrona tena betsaka indrindra dia ao Kampala.**

Isabella sy Paula dia Portugaises nonina tao Ouganda tamin'izany fotoana izany. Efa niaina ity aim-panahy ity mialoha izy ireo tany amin'ny firenena niaviany ary efa nanao ny fanoloran-tenany tany. Rehefa tsikaritr'izy ireo fa maro ny olona liana tamin'ny aim-panahy montfortana tao Ouganda, indrindra tamin'ny fampielezana ny tena fanajana an'i Maria Virjiny, dia nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny alalan'ny boky tena fitiavana sy fanajana an'i Maria. Nahazo fankatoavana tamin'ireo Mpitondra fivavahana teo an-toerana sy ny Nonce tao Ouganda izy ireo tamin'izany fotoana izany ary nifandray tamin'ireo Misionera Montfortana izay tena nanohana azy ireo tamin'ireo rehetra ireo. Nampiasa ny teknôlôjia "PowerPoint" Isabella, nianga tamin'ny boky Tena Fitiavana amam-panajana an'i Maria. Ity fitaovam-pitoriam-pinoana ity izay mbola ampiasaina mandrak'androany (miaraka amin'ny fanovàna kely madinidinika).

Taorian'ny nandaozan'Isabella an'i Ouganda, ity asa ity dia nipetraka teo am-pelan-tànan'i Paula izay manohy izany amin-jotom-po be dia be sy

fitiavana. Nampianatra sy nanatrika ny fanokanan-tena tamin'ireo paroasy maro isan-karazany sy toeram-panofanana izy, toa an'i Kristy Mpanjaka ao Kampala, Mbarara, Masindahy Augustin ao Seeta, tany amin'ireo toeram-panofanana toa ny Oniversite-n'ny Makerere, Oniversite-n'ny Kyambogo sy ny sekoly toa an'ny Zanakavavin'ny Nsambya.

Niasa mafy izy ary nanome toky fa ny mpikambana dia afaka mahazo ny boky tena fitiavana amam-panajana an'i Maria sy ireo fampianarana fiomanana mandritra ny 33 andro ary ny raiki-pohy amin'ny fanokanan-tena. Nanao izany izy vokatry ny fihafiany sy ny fananany manokana tamin'ny fanafarana ireo boky ireo ho any Ouganda ary nivarotra izany tsy naka tombony. Izy tenany ihany no nanamboatra ny rojokely sy nividy ny sarin'ny Notre-Dame de Fatima izay ampiasainy mandritra ny Fanoloran-tena.

Tamin'ny taona 2016, tonga ny anjaran'i Paula, tsy maintsy niverina any Portugal izy. Tamin'izany dia ireo Misionera Montfortana no mandeha any Kampala mba hampivory sy hampianatra ireo "Associés". **Ny taona 2018, nisy vondrona iray noforonon'i Mompera Ernest Akhonya sy Mompera Innocent Mwanoka tao Mbarara (izy ireto izay vao avy nahavita ny fianarany Teolojia tao Hekima College-Nairobi). Ity vondrona ity dia ahitana ireo olona ao Mbarara sy avy amin'ny distrika manodidina.**

**Ireto vondrona anankiroa (Kampala sy Mbarara) ireto no mitambatra ho Fikambanana iray.**

## 2. Manao ahoana ny fivoaran'ny mpikambana isan-taona ? Misy mpikambana firy amin'ny ankapobeny amin'izao fotoana izao?

Ity fivoarana ity dia tsikaritra amin'ny alalan'ny fiofanana ara-panahy montfortana izay manome antoka ho an'ny mpikambana fahalalana lalina ny aim-panahy izay nanokanany tena sy fomba ahafahany miaina izany. Ary misy koa ny fandraisana anjara mavitrikan'ny mpikambana amin'ny fampielezana ity aim-panahy ity.

**Fantatsika fa maro ireo nanokan-tena. Amin'izao fotoana izao dia azo lazaina fa manodidina ny 400 ny mpikambana.**

## 3. Ny mpandrindra ankehitriny dia ireto :

- a. **Arthur Mugoya** (Filoha – niato kely noho ny fianarana – any Australie)
- b. **Katherine Nabyonga** (Filoha lefitra sady filoha mpisolo toerana)

## 4. Inona ireo hetsika fampiofanana atolotra ireo Mpikambana ?

Ireto tanisaina ireto :

- a. Lesona amin'ny fiainana sy ny aim-panahy Montfortana, tantara fohy mikasika ny Fikambanana Misionera Montfortana, ny tantaran'ny niorenana sy ny anjara toeran'ny « Associés » ao anatin'ny Fikambanana.
- b. Ny fivahinianana Masina.
- c. Ny asa pastoraly.
- d. Fivoriam-bavaka sy fihatahana Masina.

Membres actuels de la communauté montfortaine à Mbarara, Ouganda:  
P. Oscar, Ronald, Felix, Edward, P. Ernest, P. John Mary, Luka, Abbias



**5. Inona avy ireo hetsika misionera na fitoriana izay ataon'ny mpikambana, samy irery na ambonin'izay rehetra izany amin'ny anaran'ny vondrona, miaraka amin'ny Misionera Montfortana ?**

Ny hetsika apôstôlika izay andraisanay anjara dia mifototra indrindra amin'ny fanaovana asa soa.

a. Mamangy marary izahay, ny voafonja, ny hafa dia mirotsaka amin'ny hetsika fanampiny be dia be toy ny fitsidihana ny zokiolona sy ny sahirana.

b. Mampielay ny aim-panahy montfortanina any amin'ireo toeram-pianarana sy ny paroasy.

c. Miaina ho vavolombelon'ity aim-panahy ity izahay amin'ny zava-misy rehetra izay miseho mandritra ny androm-piainan'ny mpikambana tsirairay.

d. Mikatsaka ny hampitombo fahalalana an'i Masina Maria Virjiny izahay sy ny vokatrin'ny fanokanan-tena araka ny sori-dàlana montfortana.

**Ity fikambanana any Ouganda ity dia manana fandaharan'asa voalamina tsara ary hetsika mahazatra voamana tsara.**

Membres actuels de la communauté montfortaine à Mbarara, Ouganda:  
P. John Mary, Edward, Abbas, Ronald, P. Ernest, Luka, Felix, P. Oscar





Dans la photo : Mme Paula Duncan alors qu'elle travaillait en Ouganda avec les associés

## **6. Olana sedraina:**

- a. Ny olana goavana dia ity areti-mandringana izay iainantsika ankehitriny ity. Manakana anay tsy hiasa araka ny tetiandronay sy ny fanatanterahana ny asa.
- b. Maro ny olona voakasik'izany mivantana. Namoy mpikambana aza izahay noho io areti-mandringana io.
- d. Tsy ampy boky izahay.
- e. Tsy maintsy miankina amin'ny finiavan'ny Mompera miandraikitra ny Paroasy no hanomezany anay toerana malalaka hianarana, hampianarana ary hiasana, indrindra any Kampala
- f. Ny boky fitanana an-tsoratra ireo mpikambana nahavita fanokanan-tena dia tsy notazomina hatramin'ny nanombohan'ny « Associés », indrindra ny ao Kampala. Maro izy ireo no efa nanokan-tena fa ny sasantsasany ihany no hita sy voaraka.

Tena feno fankasitrahana tokoa izahay amin'ireo fitahiana izay omen'Andriamanitra an'ireo Associés-nay. Ao amin'ity vondrona ity, dia manana mpikambana mpitondra fivavahana sy relijiozy lehilahy sy relijiozy vehivavy ihany koa izahay. ■

## **Fandalinana sy Fifampizarana**

# ANDRO NATOKANA HO AN'NY FIANAM-PANAHY AO LORETTE

**Voa madinika izay namoa voa tsara**



**Miaraka amin'i p. Alfio Mandelli SMM,  
avy any Italie**



“” Izy ity dia toerana misy heviny manokana, toy ny ohatra velona miresaka ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofo izay napetrak'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ihany ho fototry ny fianam-panahiny manokana.

## **1. Ny fiandohan'ity « Andro voatokana » ity**

Ity « Andro natokana ho an'ny fiainam-panahy » ity dia teraka avy amin'ny tolo-kevitr'ireo rahalahy namana mpiara-miasa vitsivitsy nirotsaka niaraka tamin'ny vondron'olona izay nanokan-tena araka ny hevitr'i Masindahy Louis Marie de Montfort.

*Ny zavatra hovakianao ato dia fandraisana andraikitra tsy manam-paharoa sy tsy miova amin'ny fomba fitadiavana sy ny fanaparahana ny aim-panahy Montfortana ho fisokafana amin'izay misy ny hetsika na ny vondrona rehetra ary izay rehetra miaina ny tolo-kevitra ara-panahin'i Montfort, amin'ny fiainana kristiana na izay te hahafantatra sy hijery ary hiaina izany. Izy ity dia hetsika fanao isan-taona natolotry ny faritany Italiana ao Lorette izay misy fandalinana manodidina ny fiainana sy ny fampianaran'i Montfort, fifampizarana ara-pirahalalana, fankalazana Sakramenta isan-karazany ary fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ao amin'ny Fanahy Masina.*

*Ny mpanoratra ity fifampizarana ity dia Mompera Alfio Mandeli, iray amin'ireo hery mpanosika an'ity hetsika ity. Fantatry ny maro ihany koa izy amin'ny fanoratana ny boky fanomanana ny fanokanan-tena mitondra ny lohateny hoe: "ANAO MANONTOLO RY MARIA"(TOTUS TUUS). Volana fiomanana amin'ny fanokanan-tena Montfortana", navoakan'ny Edizioni Montfortane. Tena azo inoana fa ity fifampizarana ity no loharanon'aingam-panahy ho an'ny fahaterahana any an-toeran-kafa any ny fandraisana andraikitra miforona sy mifototra amin'ny karazana ivon-toeram-pikambanana samihafa izay afaka mitarika eo an-toerana, isam-paritra na koa eo amin'ny sehatra nasionaly mihitsy. Mazotoa ary mamaky.*

Ny fivoriana voalohany dia natao tany Lorette ny 8 hatramin'ny 10 Oktobra 2004. Nanomboka teo dia nankalazaina tsy tapaka isan-taona ny "Andro voatokana" hatramin'ny taona 2019. Raha nofoanana kosa ny fotoana tamin'ny volana Septambra 2020 noho ny olana ara-pandaminana nateraky ny areti-mandringana.

Tsy kisendrasendra ny nisafidianana an'i Lorette ho toerana maharitra hanatanterahana ny « Andro voatokana ».

- Izy ity dia toerana misy heviny manokana, toy ny ohatra velona miresaka ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofo izay napetrak'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ihany ho fototry ny fiainam-panahiny manokana.

- Ankoatra izay, ny foto-pampianarana no nampita ny fitsidihan'i Masindahy Louis-Marie de Montfort tany amin'ny Trano Masin'i Lorette tamin'ny taona 1706, tamin'ny fotoana nanaovany fivahinianana Masina tany Roma, mba hihaona amin'i Papa Clément XI.

- Farany, Lorette dia toerana iray malalaka be ao amin'ny faritanin'ny Italia, an'ny Fikambanana Compagnie de Marie, satria izy no ivon-toeran'ny novisià ny taona 1933 hatramin'ny taona 1935 fa indrindra ny skolastikà ny taona 1935 hatramin'ny 1961. Maro ireo rahalahy Italiana no nohamasinina ho Pretra tao amin'ny bazilikan'ny Trano Masina.



## 2. Ny tanjon'ny « Andro voatokana »

Ity fanapahan-kevitra ity dia teraka tanaty tanjona hanolotra amin'ireo vondrona ekipa Marialy Montfortana misy ao Italia sy ho an'ny Lahika tsirairay izay miaina ny aim-panahin'ny fanokanan-tena nampianarin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort, manolotra fotoana hihaonana, hifankahalalana, hifampizarana andram-piainana, handalinana ny tolo-kevitra montfortana sy hahatsapana indray ny hatsaran'ny Batemy noraisiny ary ny hafaliana amin'ny fananana an'i Jesoa eo am-pelan-tanàn'i Maria.

Ny Andro voatokana ity dia mikendry ny hampiakarana ny fahatsapana ny maha-izy azy sy ny fifamatoran'ny lahika amin'ny Fianakaviambe Montfortana, misaotra amin'ny fanatrehan'ireo rahalahy maro amin'ireo andro ireo, ny Zanakavavin'ny Fahendrena, ireo tanora an-dalam-piofanana, ary ihany koa ny Lehibe Jeneraly raha azo atao na ny mpikambana ao amin'ny Filankevitran'ny sy ny Lehibem-pikambanana ao antoerana.

Manolo-kevitra izy ny hamporisihana misimisy kokoa ny fizarana amin'ny lahika ny haren'ny fiainam-panahintsika sy ny fandraisan'izy ireo anjara mavitrika amin'ny fanaparitahana ny aim-panahy sy amin'ny misiona. Tsy ny mpandray sy ny mpampiasa ny tolo-kevitra amin'ny andro voatokana ihany, fa ihany koa ireo mpikambana mavitrika, ny rehetra no miara-mizara ity tetik'asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly araka ny fomba Marialy izay ampahafantarin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ity. Ny andro voatokana dia fotoana iray hamaliana ny asa fanomanana sy fanofanana ny lahika mpanentana.

Tanjona iray hafa ny fampahatsiarovan-tena ireo rahalahy ao amin'ny Faritanin'ny Italia ny lanjan'i Maria ao amin'ny aim-panahy sy ny misiona montfortana, amin'ny hamporisihana azy ireo, ary ihany koa ireo vondrom-piarahamonina misy ao amin'io faritra io, mba hanolo-tena hanaraka ny vondrona sy ny lahika mankany amin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria.





### **3. Ireo Mpandray anjara amin'ity Andro voatokana ity sy ny fiavian'izy ireo**

**Nisy fitomboana tsikelikely ny isan'ny mpandray anjara amin'ity Andro voatokana ity, nanomboka teo amin'ny dimampolo isa izahay tamin'ny taona voalohany nanombohana ary nahatratra 450 isa tamin'ny andiany farany tamin'ny taona 2019.** Ity fitomboana ity dia azo hazavaina amin'ny alalan'ny fampielezana ny fiainampanahy amin'ny fanokanan-tena avy amin'ny Misionera Montfortana any Italia. Eny tokoa, ny làlam-piofanana amin'ny fanokanan-tena montfortana, natolotra sy nentanina tany amin'ny faritra ara-jeografika vaovao eto amin'ny firenena dia nitombo be. Amin'ity fomba ity, mitombo hatrany ny lahika manokan-tena sy manaiky an-kafaliana ny tolo-kevitra handray anjara amin'ny Andro voatokana ao Lorette ho fotoan-dehibe iray isan-taona amin'ny làlana arapanahin'izy ireo.

Raha jerena ara-jeografika, ireo mpandray anjara amin'ny Andro voatokana dia avy amin'ny lafivalon'i Italia manontolo. **Ny ankamaroan'izy ireo dia avy amin'ny vondrona izay manaraka ny làlam-piofanana amin'ny fanokanan-tena. Maro amin'izy ireo, aorian'ny fanokanan-tena no mangataka hisoratra anarana ao amin'ny Fikambanana « Marie Reine des Cœurs » ary tonga mpikambana avy eo.**

Misy koa ireo mpandray anjara no avy amin'ny vondrona « Amis de la Sagesse » n-dr'i Masera Zanakavavin'ny Fahendrena sy ny Hetsika « Consecration Mundi » ary ny « Institut Arche de Marie ». Ary farany, ny mpikambana ao amin'ny « Légion de Marie », ny « Renouveau de l'Esprit » ary ny Vondrona an'i Padre Pio dia mahatoky amin'ity fotoanan'ny Montfortana ity.

#### 4. Fizotran'ny foto-kevitra amin'ny Andro Voatokana

Ny lohahevitra amin'ny Andro Voatokana dia safidiana isan-taona, arakarakan'ny foto-kevitra arahan'ny Eglizy maneran-tany, ny Eglizy eto Italia ary izany dia sintomina avy amin'ny aim-panahy montfortana. Ohatra, ny taonan'ny Finoana izay nambaran'i Papa Benoît XVI izay nitarika ny fisafidianana ny lohahevitra tamin'ny Andro Voatokana tamin'ny taona 2012 manao hoe : « Hiampita ny varavaran'ny finoana miaraka amin'i Maria ».

Toy izany, ny Taonan'ny Famindram-po izay nangatahan'ny Papa François sy ny faha-telonjato taona ny nahafatesan'ny Mpanorina ny Fikambanantsika dia namoaka ny lohahevitra tamin'ny Andro Voatokana ny taona 2016 manao hoe : « Montfort, vavolombelon'i Maria amin'ny Famindram-po ».

Ny Sinodan'ny Eveka tamin'ny taona 2008 tamin'ny tenin'Andriamanitra no nanome aingam-panahy tamin'ny Andro Voatokana tamin'ny taona 2009 manao hoe : « Miaraka amin'i Maria ao am-pon'ny Teny ».

Etsy andaniny, ny Andro Voatokana tamin'ny taona 2015 dia manodidina ny lohahevitra manao hoe : « Ao an-tranon'i Maria, ny Fanokanan-tena Montfortana ho ao am-pon'ny Fianakaviana », io no voatondro tamin'ny Sinoda mahazatra ho an'ny Eveka momba ny fianakaviana izay nankalazaina tamin'io taona io.

Ny Kaongresy nasionaly momba ny Eokaristia tamin'ny taona 2011 dia nanolotra ny lohahevitra ny Andro Voatokana tamin'ny taona 2010 manao hoe: « Ny hanitr'i Maria ao amin'ny Eokaristia ».

Ny lohahevitra « Montfortana » hentitra kokoa izay novolavolain'izy ireo, ohatra hoe: « Miaraka amin'i Maria ao amin'ny loharanon'ny Batemy noraisintsika » (ny taona 2014), « Omeo ahy ny fonao – Fanajana marina, fiainam-panahin'ny fo » (ny taona 2017), « Miaraka amin'i Maria, mpianatr'i Jesoa » (ny taona 2018) ary « Ry Maria, ampahazahoy ahy ny tena Fahendren'Andriamanitra » (ny taona 2019).

Ho an'ny andiany tamin'ny taona 2020, raha jerena ny taona kaontinantaly « Montfort Eur'hope », ny fanantenana no nosafidiana ho toy ny faravodi-lanitra ny lohahevitra. Manantena izahay fa ho afaka hanoloatra azy io indray ao Lorette ny 10 ka hatramin'ny 12 Septambra 2021 izao!



Indreto ny lisitrin'ny lohahevitra rehetra:

2004: "Ho tonga anie ny fanjankanao, ho tonga ny fanjakan'i Maria"

2005: "Miaraka amin'i Maria mankany amin'ny hafenoan-taonan'i Kristy".

2006: "Vato velona sy sarobidy ho an'ny Jerosalema any an-danitra".

2007: "Ny Hasambarana: làlana hanahafana an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria".

2008: "Miaraka amin'i Maria,  
ao amin'ny sekolin'ny Fahendrena izay nofantsihana teo amin'ny Lakroa".

2009: "Miaraka amin'i Maria, ao am-pon'ny Teny"

2010: "Ny hanitr'i Maria ao amin'ny Eokaristia"

2011: "Ny làlana ara-panahy miaraka amin'i Maria"

2012 : "Hiampita ny varavaran'ny finoana miaraka amin'i Maria"

2013: "Miaraka amin'i Maria, eny an-dalam-pitoriana ny Evanjely amin'ny endriny vaovao"

2014: "Miaraka amin'i Maria, ao amin'ny loharanon'ny Batemy noraisintsika"

2015 : "Ao « an-tranon'i Maria ». Fanokanan-tena Montfortana ho ao am-pon'ny fianakaviana".

2016 : "Montfort : vavolombelon'i « Maria » amin'ny famindram-po".

2017: "Omeo ahy ny fonao ». Fanajana marina « ny aim-panahin'ny fo"

2018: "Miaraka amin'i Maria, mpianatr'i Jesoa"

2019: "Ry Maria, ampahazahoy ahy ny tena Fahendren'Andriamanitra".



Mandritra ireo andro voatokana ireo, ny lohahevitra dia miainga hatrany amin'ny alalan'ny katesizy. Nandritra ny taona maro, mivelatra be ny sehatry ny mpandray anjara, miainga amin'ny fahaiza-manao sy ny fahendren'olon-kafa, ny pretra, ny lahika, ivelan'ny fikambanana Montfortana izay mety ho voafetra.

Misy ihany koa ny toerana hihainoana ny tantaram-piainana sy fijoroana vavlolombelona. Omen-danja manokana ny fankalazana rehetra sy ny fotoambavaka (Eokaristia, Fitsaohana ny Sakramenta Masina, ny Sakramentan'ny fampihavanana, ny fanokanan-tena montfortana) izay entanin'ny Fikambanana « Marie Reine des Cœurs », ny Ivon-toeram-paritr'i Trinitapoli (Bat).

**Ao am-pon'ny Andro Voatokana, ny fanavaozana ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy eo am-pelantànan'i Maria dia toy ny vato sarobidy ao anatin'ny toerana mampihetsi-po an'ny « Tranon'ny eny », ny « Anao manontolo ry Maria (Totus Tuus) » izay nambaran'ny Teny Tonga Nofa ary nataon'ny Virjinin'ny Nazareta.**



## 5. « Aorian'ny » Andro Voatokana

**Ny Andro voatokana dia nanjary fihaonana andrasana sy irian'ireo mpanokan-tena amin'i Jesoa eo am-pelan-tanàn'i Maria.** Aorian'ny Lorette, miverina any amin'ny paroasin'izy ireo avy sy ny vondrona misy azy ireo tsirairay avy na mody any an-tranony tsotra fotsiny, feno traik'efa ara-panahy izay hazon'izy ireo.

Ny Andro Voatokana, izay mifanandrify indrindra amin'ny ankabeazan'ny fanombohan'ny taom-pikatrohana pastoraly vaovao, dia manamarika indrindra ny fiverenan'ny dia nataon'ireo vondrona marialy montfortana, voamarina koa izany mandritra ny volana maro amin'ny alalan'ireo zavatra misongadina amin'ny Katesizy, ny vavaka sy ny fandraisana andraikitra.

Taorian'ny fankalazana ny Andro Voatokana dia nojerena ny hitohizan'ny fizarana traikefa, indrindra amin'ny alalan'ny :

- Fanomanana takelaka isam-bolana amin'ny lohahevitra ny Andro Voatokana, hampiasain'ny vondrona sy ny olona mpanokan-tena tsirairay, ho an'ny fandinihana, fianarana ary ny vavaka ;
- Fandrafetana sy fandefasana takela-pifandraisana tsy tapaka. Manomboka izao dia tapa-kevitra ny handefa ny biletàm-pifandraisana isam-bolana « Jesoa Velona ao amin'i Maria » biletà fanofanana sy fampahafantarana, fanontana italiana izay avoakan'i P.Arnold;
- Ny tolo-kevitra amin'ny alalan'ny fitaovan-tserasera, amin'ny fotoanan'ny Katesizy sy ny fiofanana ara-panahy ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana « Reine des Cœurs », nozaraina ihany koa amin'ireo lahika mpanokan-tena rehetra.

Ho fanampin'izay, tato anatin'ny taona vitsivitsy, dia toa ilaina ny fanatanterahana fotoana hihaonana amin'ireo lahika mpanokan-tena ao Italia, eo amin'ny sehatra isam-paritra. Noho izany, nisafidy manokana an'i Italia avaratra sy atsimo hanolorana izany, fampivondronana amin'ny andro anankiray voaomana izay mitovy fomba amin'ny Andro Voatokana any Lorette.

Mazava ho azy fa mbola misy ny fanontaniana misokatra, izay manasongadina indrindra ny lafiny lehibe kokoa ny fanarahana ara-panahy ataon'ny lahika amin'ny « làlana marialy » lazain'i Masindahy Louis-Marie de Montfort.

Ny marimarina kokoa, ny Andro Voatokana ao Lorette dia antoka fa izy ireo hatrany no teboka fahatongavana sy fiaingan'ny fandrosoan'ny vondrona sy ny lahika mpanokan-tena tsirairay. Izy ireo dia tsy maintsy tafiditra ao anatin'ny tetik'asa manerantanin'ny lahika ao anatin'ny fiainam-panahy montfortana izay mahatsinjo mialoha ny fanomanana ny làlan-kizorana ho amin'ny fanokanan-tena sy ho amin'ny fandalinana ny andram-piainany marialy. Farany, lasa ivon-toeram-pikarohana anankiray ho fitrandrahana lahika mavitrika sy lasa fanehoana zava-dehibe toy izany ao amin'ny Faritanin'ny Italia toy izany ny Misionera Montfortana. ■

Ces photos ont été prises de :  
[https://www.monfortani.it/risorse/foto/XVI Giornate di spiritualità mariana monfortana - Loreto 13-15 septembre 2019](https://www.monfortani.it/risorse/foto/XVI_Giornate_di_spiritualità_mariana_monfortana_-_Loreto_13-15_septembre_2019)

## Fifampizarana momba ny fiantsoan'Andriamanitra

« Jesoa Kristy, Fahendrena  
Mandrakizay, dia izay rehetra azonao  
atao sy tokony irinao... »

Miaraka amin'i Mompera. Peter Makina  
SMM, du Malawi



Izaho no **Peter Makina** avy any Malawi. Pretra misionera Montfortana nohamasinina tamin'ny taona 2016.

Tonga tao Malawi ny misionera montfortana tamin'ny taona 1901. Isan'ireo misionera voalohany nipetraka tany Malawi izy ireo. Ireo Misionera Montfortana ireo dia avy any Italia, Frantsa, Pays Bas ary Angleterre.

Vantany vao tonga tao Malawi izy ireo dia nanagana sekoly, hopitaly, fa indrindra nitony ny Evanjely tamin'ny vahoaka. Mitovy tsy misy valaka tamin'ny nataon'i Masindahy Louis-Marie de Montfort, nampianatra katesizy ireo Misionera Montfortana.

Teo an-tanànan'izy ireo mandrakariva ny sapile tamin'ny toerana rehetra izay nalehan'izy ireo. Ny fanakaikazan'izy ireo ny olona dia nanome fanantenana indray an'ireo olona marobe nijaly vokatry ny aretina isan-karazany, ny mahantra, ny kamboty ary ny mananotena.



Nandritra ny fotoana ela, ny Misionera Montfortana dia nipetraka tany atsimon'i Malawi izay nanorenan'izy ireo paroasy maro. Vao haingana ireo paroasy notantan'ny Montfortana no nankinina amin'ny Diosezy. Tsy misy afa-tsy efatra izy ireo sisa. Tsy dia misy sekoly maro ao Malawi, ny Misionera Montfortana no nanangana sekoly akanin-jaza, ny ambaratonga voalohany ary ny ambaratonga faharoa. Nanangana hopitaly ihany koa izy ireo. Amin'ny maha-Misionera Montfortana, miasa amina ivon-toerana ara-panahy izahay, mitoro ny Evanjely amin'ny alalan'ny haino aman-jery ary miasa any amin'ny paroasy.

Any amin'ireo paroasy ireo, manana kristiana maro miaraka amin'ny andram-piainana isan-karazany izahay. Misy olona sasany tena tsara. Mahay mandray olona. Matetika, sahirana ny olona. Misy ny kamboty, ny mananotena, ny marary sy ny fianakaviana misaraka. Ary izahay dia voaantso hanome fanantenana an'ireo olona ireo. Nantsoina isika hanampy azy ireo hahatsapa fa zanak'Andriamanitra ihany koa izy ireo. Izany no fiantson'Andriamanitra sy iraka ampanaovin'i Masindahy Louis, izy irery ihany no nitia matetika ny mahantra sy ny sahirana.

Fa manao ahoana ary no hanomezana fanantenana indray an'ireo olona izay samy manana ny andram-piainana isan-karazany ireo? Raha ny mahazatra, mankalaza ny Eokaritsia any amin'ny paroasy izahay. Avy eo, mitsidika ny olona any an-tranony. Mitondra ny Eokaristia sy ny Tenin'Andriamanitra ho an'ireo marary izahay. Mitondra ny teny fampanantenana ho an'ireo kamboty sy mahantra.

Ahoana no fomba nihaonako tamin'ireo Misionera Montfortana?

Nisy Misionera Montfortana tao amin'ny Paroasiko. Fa navelan'izy ireo ho tantanan'ny Dioseziana. Nahavita asa tsara be izy ireo. Ny fiainam-panahy marialy izay naorin'izy ireo tao amin'ny paroasy dia mbola mamoa hatrany. Niteraka aingam-panahy ho ahy hatrany ny fahitana olona mankalaza Lamesa.

Manentana ahy be mihitsy ny tenin'i Masindahy Louis de Montfort. Ao amin'ny boky nosoratany, Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay, soratany ao hoe: **“Jesoa Kristy, Fahendrena Mandrakizay dia izay rehetra azonao atao sy tokony irinao. Maniria Azy, tadiavo izy satria izy no vatosoa tokana sy sarobidy amin'ny fividianana izay tsy tokony hataonao sakana amin'ny fivarotana izay rehetra ananao”** (ASE 9). Fa maninona moa ireo teny ireo no lasa zava-dehibe ho ahy?

Lehibe niaraka tamin'ny reniko aho ary ny taona 2001 no nodimandry izy. Fotoan-tsarotra ho ahy izany satria izy no niandraikitra ny fianarako. Niaraka tamin'ny vavaka dia tsapako fa Andriamanitra afaka manao zava-dehibe ho ahy satria nisy olona tonga nanampy ahy.

“” Any amin'ireo paroasy izay iasako, tiako ny mitsidika ny marary, ny miaraka amin'ny tanora ary ny mankalaza ny sakramenta. Tahaka an'i Md Louis-Marie izay azony natao rehetra ho an'ny be sy ny maro dia nanao izay fara-heriko koa aho mba ho azon'izay mila izany.



Fony aho niditra tao amin'ny semineran'ny Misionera Montfortana, tanora dimy izahay tamin'izany. Rehefa afaka herintaona dia lasa daholo ireo namako fa izaho irery sisa tafajanona. Mbola fotoan-tsarotra iray hafa ho ahy izany satria nametra-panontaniana tamin'ny tenako aho, ohatra amin'izany: “ity ve no làlako”? Maninona ny namako no lasa? Fa miaraka amin'ny vavaka, Andriamanitra mitarika ahy ary tonga Relijiozy sady Pretra aho.

Ireo andram-piainana anankiroa ireo, ny fandoazan'ny mamako sy ny namako, no nanampy ahy hahatsapa fa rehefa mitady an'Andriamanitra isika, rehefa maniry Azy isika, afaka manao zava-dehibe Andriamanitra. Mpiandry ondry tsara Izy ary tsy mandao ny zanany.

**Ireo no fanomezam-pitiavana voarain'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Misionera Montfortana. Noho izany indrindra no nanolorako manontolo ny tenako ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy fanompoana ireo rahalahiko.** Any amin'ireo paroasy izay iasako, tiako ny mitsidika ny marary, ny miaraka amin'ny tanora ary ny mankalaza ny sakramenta. Tahaka an'i Md Louis-Marie izay azony natao rehetra ho an'ny be sy ny maro dia nanao izay fara-heriko koa aho mba ho azon'izay mila izany.

Misaotra anareo rehetra. Hitahy anareo anie ny Tompo ary samy hitady an'Andriamanitra sy haniry Azy anie isika rehetra. ■



# LA PROVIDENCE AU TRAVAIL

## DANS LA MISSION MONTFORTAINE À CEBU SOUS L'INSPIRATION DE MARIE



**Par le P. Paul Arnel  
Lucero, SMM,  
des Philippines**

*Le Père Paul, communément appelé Père Dodong, auteur de cet article, est Maître des Novices à Manille.*

*Le P. Dodong lui-même est un ancien supérieur de la Délégation générale des Philippines.*

*Il se trouve actuellement dans la zone de la mission montfortaine à Cebu.*

*Ce propos veut souligner l'importance de l'esprit de partage pour la réalisation d'un « miracle ».*

*Que ce beau rêve dont il va nous parler, celui de la réalisation du Sanctuaire Marie Reine des Cœurs, se concrétise.*

La pandémie de covid-19 a provoqué de nombreux changements et ajustements dans la Délégation Philippine des Missionnaires Montfortains. Premièrement, le noviciat international n'a pas pu recommencer en 2020 pour un nouveau lot de novices internationaux, en raison de l'incapacité des candidats à se rendre aux Philippines. Après avoir terminé le lot des Novices internationaux 2019-2020 le 1er août, notre Supérieur de Délégation, le P. Norwyn Baydo, SMM m'a confié une mission temporaire. À la mi-septembre 2020, il m'a demandé (avec le Fr. Ronald Baruela et plus tard Fr. Armel Collantes, tous deux scolastiques) de voyager à Cebu et de répondre aux besoins spirituels des personnes qui vivent à proximité de notre communauté missionnaire Montfortaine à Lower Calajo-an, Minglanilla, Cebu.

Depuis notre arrivée, nous avons pu continuer notre mission, celle de célébrer les sacrements de la Pénitence, de l'Onction des malades et de la Sainte Eucharistie, de prendre soin des pauvres en distribuant de la nourriture aux enfants indigents. Toutes ces célébrations étaient difficiles en raison de la grave menace du virus mortel. Ainsi, nous avons toujours dû respecter des protocoles sanitaires rigoureux. Lors de la célébration de la Sainte Messe, par exemple, la nouvelle norme était d'obtenir les noms et les coordonnées de chaque personne susceptible de venir à la célébration eucharistique, puis de vérifier la température corporelle de chacun lorsqu'il entrait dans l'enceinte, de veiller au port continu des masques et des écrans faciaux pendant les célébrations, à l'utilisation d'alcool désinfectant, aux bonnes distanciations physiques, etc.



MONTFORT MISSIONARIES COVERED-COURT-TURNED-PLACE-OF-WORSHIP

Au départ, nous n'avions que quelques personnes qui venaient pour la Sainte Messe : elle se célébrait à l'intérieur de notre petite chapelle communautaire. Mais comme les personnes qui venaient pour l'Eucharistie dominicale sont devenues rapidement des centaines, nous avons dû utiliser notre vaste terrain de basket-ball couvert. La communauté a mis en œuvre toute sa créativité pour rendre l'endroit décent, en utilisant des rideaux et des planches recyclées comme «tableau d'autel», en fixant davantage de chaises monobloc ou en plastique et en décorant la zone avec des plantes ornementales. Même avec notre meilleure créativité cependant, le lieu était encore à peine digne pour la célébration de la Sainte Messe. Ainsi, nous avons initié, en décembre dernier, un projet pour faire une meilleure scène d'autel. Par la grâce de Dieu et avec le soutien de plusieurs de nos généreux amis, notre rêve est devenu réalité. Au moment de Noël, nous avons réussi à créer un tableau d'autel simple, indigène (en bambou), mais très solennel, dans notre «cour couverte devenue lieu de culte». C'était notre cadeau au nouveau-né Jésus, inspiré par notre Sainte Mère !

Pendant que nous faisons la « Misa de Gallo » (9 jours de messes de l'aube en préparation de Noël), nous avons reçu un signe très spécial du Ciel. Le quatrième dimanche de l'Avent, après la Messe, un couple m'a approché pour me demander si j'étais prêt à recevoir une statue de Notre-Dame qui avait été initialement donnée à une paroisse en particulier, mais où apparemment elle n'a pas été acceptée pour des raisons inconnues. Et j'ai tout de suite dit : « Absolument, oui, je l'accepterai ! » Nous fûmes très impressionnés de voir une très belle statue de Notre-Dame de Fatima, une réplique parfaite de la statue de la « Capelinha » à Fatima, au Portugal. Quel signe puissant de Jésus ! « Fils, voici ta mère » (Jean 19:27).



Au fil des semaines et même des mois, en mars 2021, nous avons eu une autre inspiration pour améliorer encore le lieu de culte et le rendre encore plus digne pour la célébration solennelle de la Sainte Messe. Nous avons lancé un nouveau et plus grand projet (un ambitieux projet !), celui de carreler (pose de carreaux de céramique) le sol en béton.



Certes, les gens du quartier sont généralement pauvres, mais ils sont généreux. Intéressant à noter aussi : des dizaines de jeunes se sont portés volontaires, les sacristains travaillaient gratuitement comme aides à la construction et les mères préparaient à manger pour le déjeuner des ouvriers. Au cours de l'une de nos messes, nous avons souligné notre conviction dans le pouvoir du partage, aussi minime soit-il. Nous l'avons exprimé par l'expression de la « multiplication des tuiles et du ciment », tout comme nous avons la « multiplication du pain et du poisson » dans la Bible (Mt 14 :13-21). Nous croyons aux miracles. Et des miracles se produisent lorsque les gens partagent leurs bénédictions et que Jésus bénit leur acte généreux de donner.

Ce projet coûteux dépendait encore totalement de la Divine Providence. Nous avons commencé ce premier grand projet sans aucun budget à portée de main. Un architecte et deux ingénieurs civils ont offert leur service professionnel gratuitement. De nombreux fidèles et membres de l'Association de Marie Reine des Cœurs se sont réunis pour faire des sollicitations auprès de donateurs et de bienfaiteurs potentiels. Personnel et amis de la Congrégation ont également partagé ce qu'ils pouvaient se permettre.

Enfin, chaque participant à la messe a également donné le montant que ses ressources limitées lui permettaient de donner généreusement. Ce fut touchant d'entendre une maman qui s'est approchée de moi après la messe en disant que tout ce que sa famille pouvait partager c'était la somme voulue pour acheter une tuile, soit environ deux dollars. Comme la veuve de l'Evangile, elle a donné tout ce qu'elle avait pour vivre (Mc 12:41-44).



“” Ce projet coûteux dépendait encore totalement de la Divine Providence.





“” Nous avons offert à Jésus ce que le peuple a généreusement partagé et comme le miracle de la multiplication des pains, le Seigneur a également béni les dons du peuple : un miracle s'est produit.



Après quatre mois de travail continu et de partage des ressources, de confiance en la divine Providence et d'inspiration de la Sainte Mère, nous sommes maintenant au point culminant de ce projet de pose du carrelage sur le sol de la cour-couverte-devenue-place-de-culte. Nous avons obtenu plus que ce dont nous rêvions car, non seulement le sol a été amélioré, mais l'environnement aussi. Sans aucun doute, ce projet est un témoignage de la puissance de Dieu manifestée dans le partage des ressources limitées dont chacun dispose, en cette période de grande difficulté financière due à la pandémie. Nous avons offert à Jésus ce que le peuple a généreusement partagé et comme le miracle de la multiplication des pains, le Seigneur a également béni les dons du peuple : un miracle s'est produit.



Pour l'instant, nous ne savons pas quelle est la prochaine étape dans le plan de Dieu et ce que Maman Marie va nous inspirer, à nous ses enfants. Nous constatons que Sa Providence continue de travailler en touchant de plus en plus de gens pour soutenir le rêve d'améliorer encore le lieu. Qui sait, ce lieu deviendra-t-il un jour un « Petit Sanctuaire de Marie, Reine des Cœurs » ? Attendons de voir ce qui va se dérouler sous nos yeux dans les semaines et les mois à venir... C'est passionnant ! Tout cela parce que nous avons un Dieu, un Père céleste qui pourvoit à tout, une Mère qui continue de nous inspirer à faire ce que son Fils nous dit et un frère aîné Louis-Marie, modèle de la mission partagée. Le tout pour la plus grande gloire de DIEU SEUL. ■



# Loza voajanahary tany amin'ny nosy Adonara sy ny nosy Lembata ao atsinanan'i Indonésie

**Avy amin'i Dola Dhanush,  
Indonésie**

Tamin'ny herinandro voalohan'ny volana aprily 2021 dia nisy loza voajanahary nitranga tao amin'ny faritanin'i « Nusa Tenggara de l'Est » (amin'ny fiteny Indonésien : Nusa Tenggara Timur – NTT), any Indonésie. Niaina fahasahiranana tokoa ny mponin'ireo nosy Adonara sy Lembata. Nahakasika ihany koa ny faritra atsinanan'ny nosy Flores sy ireo nosy maro hafa manodidina izany loza izany.

Rivo-doza mahery antsoina hoe « Seroja » ity loza voajanahary nitranga ity. Nitondra orambe izay nitarika fahatondrahan-drano sy fiakaran'ny rano tao anatin'ny fotoana fohy ary fihotsahan-tany izy io.



Ny alahady faha 4 aprily 2021 no nitrangàny rivo-doza sy orambe tsy nampoizina ity. Raha ny tatitra voahangona avy amin'ny loharano samihafa, ny 7 aprily 2021, dia fantatra fa 124 no isan'ny olona maty vokatry'izany, 129 ireo naratra, 74 no tsy hita ary efa maherin'ny 13.000 no traboina.

Ankoatran'izay dia 688 no isan'ny trano fonenana rava tanteraka, 272 no antonony ny fahasimbàny ary 154 no tsy dia nahitàna fahapotehana. Niteraka fahasimbàna lehibe tamin'ny làlana, ny tetezana, ny tariby mpitondra herinaratra ary ireo làlana azo ifamoivoizana ihany koa ity rivo-doza ity ka vokatry'izany dia maro ireo tanàna kely no lasa nitoka-monina sy sahirana tokoa tamin'ny fazahoana fanampiana.



Sary isan-karazany maneho ireo fahasimbàna vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza « Seroja » tamin'ny 04 aprily 2021.







Nisy « toerana fandrahoan-tsakafo iraisana » najoro avy hatrany eran'ny tanàna ho an'ireo tsy manan-kialofana. Ny fikarohana ireo olona tsy hita moa dia voasemban'ny tsy fahampian'ny fitaovana ilaina nahafahana nanatontosa izany. Voatery tamin'ny alàlan'ny angidim-by na « hélicoptère » no namatsiana ireo tanàna kely nitoka-monina.

Nidina teny an-toerana nijery izay afaka hamonjena maika ireo niharan-doza ny Filohan'ny Repoblikan'i Indonésie, notronin'ireo ministra tompon'andraikitra miara-miasa aminy sy ny governoran'ny Faritanin'i NTT. Tamin'ny alàlan'ny angidim-by ihany no nandehanan'ny Filoha Joko Widodo teny amin'ny faritra nitrangàn'ny loza.

**Fanampiana avy amin'ny faritra maron'ny nosy no voaray. Ny Misionera Montfortanina niaraka tamin'ireo Associés Montfortanina avy any amin'ny tanàn-dehibe isany koa dia nanangona fanampiana nozaraina tany amin'ireo faritra niharam-boina.**

Ary notanterahana isan-tsokajiny izany. Mompera Obet, smm, pretra mpanampy ao amin'ny paroasy Saint Louis-Marie de Montfort, diosezin'i Flores andrefana, no mpanatanteraka ny fitsinjaràna ny fanampiana any an-toerana.

Fanampiana ho an'ireo niharan-doza ao amin'ny nosy Adonara sy nosy Lembata tamin'ny alàlan'ny birao mpandrindra (PosKo), Misionera Montfortanina (smm), Indonésie.



Mompera Obet sy ilay fiara lehibe nizaràny ny fanampiana tany amin'ireo toerana samihafa : any amin'ny tendrony andefan'ny nosy Flores hatrany amin'ny tendrony atsinanana indrindra, ary namakivaky ny nosy Adonara sy ny nosy Lembata.



Ivo toerana fandrindràna ireo fanampiana nomen'ny diosezin'i Larantuka.



Fiampitana sambo avy tao Larantuka, tanàna eo amin'ny tendrony atsinanan'ny nosy Flores hatrany Adonara ary tao Lembata nony avy eo.



Ireo zavatra tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro toy ny vary, paty, trondro maina, ronono, menaka fandrahoana sakafo, savony, akanjo fitafiana, lamba firakofana, fanafody no nozaraina.

Hatramin'izao dia mbola mila fanampiana ny mponina any, izay lasa tsy manan-kialofana avokoa. Ny fanarahana ny fahasalamany ara-tsaina no maika indrindra mba hahafahany mihoatra izany tranga nahatsiravina izany. Tsy afaka adinoina koa anefa ny fiheverana fanampiana amin'ny fanorenana indray ireo trano sy fitaovana sosialy (làlana, herinaratra, rano) sy ho an'ny daholobe (trano fianarana sy foto-drafitr'asa ho an'ny fahasalamana) mba ho fototra hanarenana ny ho avy. ■



Nahita maso mivantana ireo niharan'ny fiakaran-drano tampoka tany Lembata sy Adonara ny filoha Jokowi.



Nandidy ny hanomezana trano hipetrahan'ireo traboina noho ny fahatondrahan-drano tany Lembata sy Adonara ny Filoha.

# MBA HO TOY NY FITARATRA MADIO

**Fanamasinana ho pretra an'i  
David Giapunda Mukwabadi sy Josip  
Magdić, Misionera Montfortanina, any Roma**

**Avy amin'i Arnaud KWIZERIMANA,  
Roma, Italie**



Niampy roa indray ny pretran'ny Société de Marie Montfortaine tamin'ny asabotsy 10 jolay lasa teo : David Giapunda Mukwabadi, avy any Congo RD sy Josip Magdić avy any Croatie. Ny Kardinaly Angelo Comastri no nanamasina azy ireo ho amin'ny laharana maha pretra tao amin'ny paroasy Saint Louis-Marie de Montfort, tao Roma.

Ny vakiteny masina voalohany nosafidian'izy mirahalaha dia nalaina tao amin'ny Bokin'i Jeremia Mpaminany 1,4-9 izay hitantaran'ity mpaminany ity ny fomba niantsoana azy sy ny misiônany.



Ny vakiteny masina faharoa kosa dia notsoahina tao amin'ny Taratasin'i Md Paoly Apôstôly ho an'ny Efezianina 4,1-4 ;11-13, izay anambaràn'i Paoly fa i Kristy no nanao « ny Apôstôly, ny mpaminany, ny evanjelista, ny mpiandry sy ny mpampianatra. Ho fampitaovana ny olomasina ireny mba hanaovany asa fandraharana amin'ny fandrafetana ny tenan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisam-pinoana amam-pahalalàna lavorary ny Zanak'Andriamanitra sy ho olon-dehibe tonga lafatra, mahatratra ny halehibeazana amam-pahafenoan'i Kristy ».

Tena mifanaraka amin'ny fankalazana atao tokoa ity tenin'i Paoly tamin'ny Efezianina ity satria manazava ny fomba nampamokaran'i Kristy ny Fiangonany. Ary azo lazaina fa manako tsara ao am-pon'izay mifanerasera amin'ireo asatoratr'i masindahy Louis-Marie de Montfort, mpanorina ny fikambanana misionera, ihany koa. Ny anton'izany dia satria averimberin'ity misionera apôstôlika ity matetika, ao amin'ireo asatorany, ireo tenin'i Paoly Apôstôly eo ambony ireo, raha ny momba ny fitomboana ao amin'ny fiainana kristianina no resahina : **«mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisam-pinoana amam-pahalalàna lavorary ny Zanak'Andriamanitra sy ho olon-dehibe tonga lafatra, mahatratra ny halehibeazana amam-pahafenoan'i Kristy ».**

Ny Evanjely kosa dia nalaina tao amin'ny Joany 10, 11-16, izay anambaràn'i Jesoa hoe : « Izaho no Mpiandry tsara. Ny Mpiandry tsara dia mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny ».



Tao amin'ny toriteniny kosa dia namariparitra ny « eny » nataon'i Maria ny Kardinaly Angelo Comastri. Nilaza ihany koa izy fa mila pretra masina eto amin'ny tontolo misy antsika, tahaka ireo pretra nihaona tamin'ny olontsambatra Charles de Foucauld. Ireto farany ireto dia nanampy an'i Charles de Foucauld tamin'ny fihaonany tamin'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'i Jesoa-Kristy. Izany rehetra izany dia nitarika azy ho amin'ny fiovàm-piainana lalim-paka ary hatrany amin'ny fanamasinana ho pretra. Nanampy azy ihany koa ny hiaina tsara ny fampifanarahana ny fiainany manokana sy ny iraka notanterahiny.

**Tany amin'ny fiafaran'ny Sorona Masina, mba hankaherezana ireto pretra vao nohamasinina, dia nilaza ny Kardinaly, izay « pretra zokiny efa misotro ronono » ao amin'ny bazilikan'i Md Piera ao Vatikan, fa ny atao hoe pretra masina dia tsy hitan'ny maso fa mangarahara toy ny fitaratra madio. Raha hitantsika maso ny fitaratra dia midika izany fa maloto izy.**

Tsy nohazavainy bebe kokoa ny tiany ambara, izay azo hisintomana hevitra maro amin'ny maha fampitahana azy ; fa mihevitra izahay hoe ny hafatra iriany ampitaina dia tokony hahita taratra an'i Kristy ao amin'ny pretra ny olon-drehetra. Satria miaina feno ao aminy i Kristy, afaka mampamiratra Azy any amin'ny hafa izy sy tonga « Kristy iray hafa », amin'ny fiteny latinina hoe « alter Christus ».

Na dia hevitra iray azontsika raisina fotsiny aza izany dia ataoko fa tsy misy izay maharatsy azy ny manantena sy ny mivavaka mba ho tonga nofo ao amin'ny fiainan'i David sy Josip izay vao nohamasinina izany zava-tsoa izany. Ary mba hatahiry ny fahadiovan'ny Batemy noraisiny anie ny fiainan'ireo rehetra lasa pretra tamintsika. ■



**Fanazavana ara  
baiboly**

« Nahavita zava-dehibe tamiko ilay  
Mahefa : Nanandratra ireo ambany Izy »

**15 AOGOSITRA 2021**  
**Ny Nampiakarana an'i Maria**  
**Virjiny any an-danitra**

**Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ**

**Evanjelin'i Jesoa Kristy araka ny nosoratan'i Md Lioka (1, 39-56)**

Niainga i Maria tamin'izany andro izany ka nandeha haingana ho any amin'ny tany be tendrombohitra, ho any an-tanàna anankiray any Jodà, ary niditra tao an-tranon'i Zakaria ka niarahaba an'i Elizabeta.

Nony vao ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria azy, dia nientana ny zaza tao an-kibony, ary feno ny Fanahy Masina i Elizabeta, ka nanadram-peo niantso mafy hoe :

« Nosoavina noho ny vehivavy rehetra ianao, ary nosoavina ny haterakao. Ary avy aiza amiko izao no mba vangian'ny Renin'ny Tompoko aho ? Fa indro raha vao ren'ny sofiko ny feonao niarahaba ahy, dia nientan-kafaliana ny zaza tato an-kiboko. Ary sambatra ilay nino fa ho tanteraka izay nampilazain'ny Tompo taminy ! ».

Ary hoy i Maria :

« Mankalaza ny Tompo ny fanahiko, ary faly sy ravo amin'Andriamanitra Mpamonjy ahy ny foko, fa notsinjoviny ny fiambanian'ny mpanompovaviny.

Fa indro hatramin'izao dia hataon'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho, satria efa nanao zavatra lehibe tamiko ilay Mahefa. Ary masina ny anarany sady amin'izay matahotra Azy hatramin'ny taranaka fara mandimby ny famindram-pony.

Nahefa asa mahery tamin'ny sandriny Izy : dia nampihahafiny izay niavonavona tamin'ny fisainan'ny fony ; naongana hiala tamin'ny fiketrahany ny mpifehy, fa ny ambany kosa nasandrany ; ary ny noana novokisany soa, fa ny mpanan-karena kosa dia nampodiany mitondra tàmam-polo

Niahy an'Israely mpanompony Izy, fa tsy adinony ny famindram-pony tamin'i Abrahama sy ny taranany mandrakizay, araka ny efa voalazany tamin'ny razantsika. »

Nitoetra tokony ho telo volana tao amin'i Elizabeta i Maria vao nody tany an-tranony.



Amin'ny fankalazana ny Nampiakarana an'i Maria any an-danitra dia ny vakiteny momba ny Famangiana no entanin'ny Fiangonana ho dinihantsika. Hitodika kely amin'ireto teny sasan-tsasany ireto isika.

**Nandeha haingana i Maria** : tsy notànany ho azy samirery ny fahasoavana noraisin'i Maria tamin'ny andron'ny Fahatongavan'ny Tompo nofo tao aminy fa nandeha faingana izy nizara izany tamin'ireo izay afaka ny handray azy : Elizabeta sy Joany Batista. Ny fihaonan'ireto reny roa ireto dia mihoatran'ny fihaonan'ireo zanany roa : Jesoa sy Joany Batista, ilay misiôna tanterahin'izy mirahavavy.

**Raha vao ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria azy** : ny feon'i Maria no nitondra ilay fientanan'i Joany Batista, ary tonga mpaminany i Elizabeta.

**Nanandram-peo mafy izy** : ny manandram-peo mafy dia lahateny ampiasaina rehefa misy fihobiana litorjika any amin'ny Tempoly ; manoloana fampahafantarana isika eto, ao anatin'ny litorjia mihintsy. Ny Fanahy Masina no nanambara taminy ny fisian'i Jesoa tao amin'i Maria.



**Avy aiza amiko izao no mba vangian'ny Reniny Tompoko aho ?** Izany tenin'i Elizabeta izany dia toa sahala amin'ilay nolazain'i Davida tamin'ny fahatongavan'ny Vatamasin'ny Fanehem-pihavanana : Ahoana no hidiran'ny Vatamasin'ny Tompo ao amiko ? (2S 6,9). Telo volana no nitoeran'ny Vatamasin'ny Tompo tao an-tranon'i Hôbeda-Edôma, nitoetra 3 volana tao an-tranon'i Elizabeta i Maria. Ny fombafomba rehetra dia naneho izay nampifanaraka an'i Maria amin'ilay Vatamasin'ny Tompo : raha toa ka nitahiry an'Andriamanitra ilay Vatamasina, i Maria izay nitondra an'i Jesoa tao an-kibony kosa no ilay Fiaran'ny fanehem-pihavanana vaovao. Raha toa isika ka mampitaha izay voalazan'ny Soratra Masina ao amin'ny Famangian'i Maria an'i Elizabeta sy ny namindràna ny Vatamasin'ny fanehem-pihavanana, dia hahatsikaritra ireto teboka 3 iraisany ireto : ny dia nankany Jodà, ny fanehoana ny fientanan-kafaliana ary ny fijanonana nandritra ny 3 volana tany. Mazava tsara ny hafatra. Nanomboka niseho ilay Vatamasin'ny Tompo izay hita ao amin'i Maria ary ny Fanahy Masina no mpandrafitra azy. Manentana anareo aho mba hamaky ny Salamo 132 izay mankalaza ny namindràna ny fiaran'ny fanekena.

**Sambatra ilay nino** : io no hatsaram-panahy voalohany nomena an'i Maria ary miaiky ny finoany ny Tenin'ny Tompo izy.

**Mankalaza ny Tompo ny fanahiko** : ny valin-tenin'i Maria dia antsa fisaorana an'Andriamanitra, mankalaza ny Tompo izy, tsy notànany ho azy ihany ny fiderana nataon'ny rahavaviny ; mankalaza ireo zavatra lehibe nataon'Andriamanitra izy, tahaka ny nataon'i Maria, ilay mpaminany vavy (Eks 15, 20... ), tahaka an'ireo efa nialoha azy koa : Debôra (Jg 5), Hanà (1S2, 1-10), Jodita (Jdt 16).



**Hataon'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho** : ny fanetren-tenan'i Maria dia tsy nahasakana azy mihintsy ny hitory izay fahatsapàny ny halehibeazan'ny asan'Andriamanitra.

**Nahavita zavatra lehibe tamiko ilay Mahefa** : miaiky sy manambara izay nataon'Andriamanitra taminy i Maria.

**Masina ny Anarany** : azo lazaina fa fiekem-pinoana no ataon'i Maria eto.

**Hoy kosa i Masindahy Louis-Marie manoloana izany** : « ..tsy natao afa-tsy ho an'Andriamanitra irery ihany i Maria...akon'ny feon'Andriamanitra tena tsy misy hafa i Masina Maria, raha antsoina hoe Maria izy dia valiany avy hatrany hoe : « Andriamanitra ». Raha misy miaraka amin'i masimbavy Elizabeta miantso azy hoe « sambatra » dia « ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra» hoy izy.» (Rakitsarobidy nankinina tamin'i Masina Maria, SM21). ■



## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome - ITALIE;  
E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com) ; <http://www.montfortian.info/amqah/>